malgache

# L'Éternel regarde au cœur

Par Ronald M. Barcellos
*des soixante-dix*

# Jehovah mijery ny fo

Nataon'ny Loholona Ronald M. Barcellos
*Ao amin'ny Fitopololahy*

Conférence générale d'octobre 2025

*Il nous suffit de tourner pleinement notre cœur vers Dieu pour qu'il accomplisse ses desseins et nous transforme en ce qu'il veut que nous soyons.*

*Ny hany ilain' Andriamanitra hanatanterahana ireo tanjony sy hanampiana antsika ho tonga izay tiany hahatongavantsika dia isika tsirairay mampitodika ny fontsika manontolo Aminy.*

Lorsqu'il a reçu le commandement de choisir le nouveau roi d'Israël parmi les fils d'Isaï, le prophète Samuel, en voyant Éliab, le fils aîné d'Isaï, s'est exclamé : « Certainement, l'oint de l'Éternel est ici devant lui. » Mais Éliab n'était pas le serviteur choisi de l'Éternel. Le Seigneur a averti Samuel : « Ne prends point garde à son apparence et à la hauteur de sa taille, car je l'ai rejeté. L'Éternel ne considère pas ce que l'homme considère ; l'homme regarde à ce qui frappe les yeux, mais l'Éternel regarde au cœur. »

Rehefa nodidiana hifidy ny mpanjaka vaovaon' Isiraely teo anivon'ireo zanakalahin'i Jese ny Mpaminany Samoela, ka nahita an'i Eliaba lahimatoan'i Jese dia niteny tamin-kafanam-po izy hoe: "Ny voahosotr'i Jehovah tokoa ity eto anatrehany". Kanefa tsy Eliaba ilay mpanompo nofinidin'ny Tompo. Nampitandrina an'i Samoela ny Mpamonjy hoe: "Aza mijery ny tarehiny na ny hahavon'ny tsanganany, fa efa nolaviko izy; fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona ny fijerin'ny Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo".

Même si David n'était pas physiquement le plus fort ou le plus habile de ses frères, son cœur était grand aux yeux de Dieu. David aimait Dieu de tout son cœur et avait le profond désir de lui obéir. Il avait une foi inébranlable en l'amour de Dieu, en son pouvoir et en ses bénédictions promises, comme il l'a démontré plus tard, en triomphant courageusement de Goliath, avec l'aide du Seigneur.

Na dia mety tsy ilay matanjaka indrindra ara-batana na ilay tsy manan-talenta indrindra amin'ireo rahalahiny aza i Davida dia natanjaka teo imason' Andriamanitra ny fony. Tia an' Andriamanitra tamin'ny fony manontolo izy ary nanana faniriana lalina ny hankatò Azy. Nanana finoana tsy voahozongozona ny fitiavan' Andriamanitra sy ny heriny ary ireo fitahiana nampanantenaina izy, arak'izay nasehony taty aoriana rehefa niady tsy nisy tahotra izy ka nandresy an'i Goliata niaraka tamin'ny fanampian'ny Tompo.

Cette histoire nous enseigne qu'il nous suffit de tourner pleinement notre cœur vers Dieu pour qu'il accomplisse ses desseins et nous transforme en ce qu'il veut que nous soyons. À un docteur de la loi, il a commandé : « Tu aimeras le Seigneur, ton Dieu, de tout ton cœur. » À Joseph Smith, le prophète, il a dit : « Voici, le Seigneur exige le cœur, et un esprit bien disposé. » Et aux Néphites, le Sauveur ressuscité a lancé cette

Mampianatra antsika ity tantara ity fa ny hany ilain' Andriamanitra hanatanterahana ireo tanjony sy hanampiana antsika ho tonga izay tiany hahatongavantsika dia isika tsirairay mampitodika ny fontsika manontolo Aminy. Nandidy mpahay lalàna iray Izy hoe: "Tiava an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra."Hoy Izy tamin'ny Mpaminany Joseph Smith: "Indro, mitaky ny fo sy ny saina marisika ny Tompo."Ary

invitation : « Vous m'offrirez en sacrifice un cœur brisé et un esprit contrit. »

notoloran'ny Mpamonjy nitsangana tamin'ny maty izao fanasana izao ireo Nefita: "Ary haterinareo ho sorona ho Ahy ny fo torotoro sy ny fanahy manenina."

Pourquoi en est-il ainsi ? Le Sauveur a enseigné que, grâce à son sacrifice expiatoire, si notre cœur est entièrement tourné vers lui, nous recevrons la force et les dons spirituels nécessaires pour surmonter les difficultés de la condition mortelle, résister à la tentation, être guidés, acquérir de l'intelligence, et ressentir la joie et la paix dans notre vie. « C'est des petites choses que sort ce qui est grand. » Le Seigneur a dit qu'il peut rendre « fortes les choses qui sont faibles», et nous donner tout ce dont nous avons besoin pour réussir dans cette vie et recevoir la vie éternelle. Il a déclaré : « Heureux ceux qui ont le cœur pur, car ils verront Dieu! »

Nahoana no toy izany ilay izy? Nampianatra ny Mpamonjy fa raha mitodika Aminy tanteraka ny fontsika, noho ny sorona fanavotany dia afaka hahazo hery sy fanomezam-pahasoavana ara-panahy isika izay ilaintsika handresena ireo fanamby eto an-tany sy hanoherana fakam-panahy, ary handray fitarihana sy fahatakarana sy hahatsapa fifaliana sy fiadanam-po eo amin'ny fiainantsika. "Avy amin'ny zavatra madinika no hivoahan'izay lehibe."Nilaza Izy fa "ny zavatra malemy dia hataony tonga matanjaka"ary omeny antsika ny zavatra rehetra ilaintsika mba hahafahana mahomby eto amin'ny fiainana an-tany sy hahazoana ny fiainana mandrakizay. "Sambatra ny madio am-po," hoy Izy, "fa izy no hahita an' Andriamanitra."

Je crois que c'est la raison, au moins en partie, pour laquelle Jésus-Christ a si souvent corrigé les scribes et les pharisiens pendant son ministère dans la condition mortelle. Bien que diligents à respecter sa loi, ils le faisaient pour de mauvaises raisons. Il les a réprimandés, disant : « Ce peuple m'honore des lèvres, mais son cœur est éloigné de moi. »

C'est un rappel sérieux à tous ses disciples qu'il ne s'agit pas seulement de nos paroles et nos actions, mais aussi de la raison pour laquelle nous obéissons à Jésus-Christ, c'est-à-dire nos désirs et nos motivations. Il a dit : « Car moi, le Seigneur, je jugerai tous les hommes selon leurs œuvres, selon le désir de leur cœur. » Notre Père céleste veut plus que des actes machinaux d'obéissance et de service de la part de ses enfants. Il veut que nous fassions ces choses avec une intention réelle, parce que nous l'aimons de tout notre cœur. Il veut que nous devenions semblables à lui.

Mino aho fa izany farafaharatsiny no anisan'ny nahatonga an'i Jesoa Kristy nanitsy matetika an'ireo mpanora-dalàna sy Fariseo nandritra ny fanompoany teto an-tany. Na dia nazoto nitandrina ny lalàny aza izy ireo dia nanao izany tamin'ny antony diso.Nanitsy azy ireo Izy nanao hoe: "Ity firenena ity dia manaja Ahy amin'ny molony; fa ny fony kosa lavitra Ahy."

Izany dia fampahatsiahivana matotra ho an'ireo Mpianany rehetra, fa tsy hoe mahakasika ny zavatra ataontsika fotsiny izany—ny tenintsika sy ny asantsika—fa mahakasika koa ny antony hanaovantsika izay asain'i Jesoa Kristy ataontsika—dia ny faniriantsika sy ny antony hanaovantsika izany. Hoy Izy: "Fa Izaho Tompo dia hitsara ny olon-drehetra araka ny asany, araka ny fanirian'ny fony."Maniry mihoatra lavitra an'ireo asa mandeha ho azy avy amin'ny fankatoavana sy asa fanompoana avy amin'ireo Zanany ny Raintsika any An-danitra. Tiany isika hanao ireo zavatra ireo amin'ny finiavana marina satria tia Azy amin'ny fontsika manontolo isika. Tiany isika haniry ho tonga tahaka Azy.

Si la santé spirituelle de notre cœur est une préoccupation essentielle du Sauveur, ce qu'il recherche chez un véritable disciple, comment pouvons-nous examiner notre cœur et savoir s'il est juste aux yeux de Dieu ?

Ankehitriny raha ny fahasalamana ara-panahin'ny fontsika no tena zava-dehibe amin'ny Mpamonjy—izay zavatra andrasany amin'ny maha mpianatra marina—ahoana no hahafahantsika mandinika ny fontsika ka mahafantatra raha marina eo imason' Andriamanitra izany?

Récemment, alors que ma femme et moi rentrions de notre mission au Portugal, nous avons fait une série d'examens de santé pour

Vao tsy ela izay rehefa niverina avy tamin'ny asa fitorianay tany Pôrtogaly izaho sy ny vadiko dia nila nanao fitiliana ara-pahasalamana maro-

évaluer notre condition physique. Certains de ces examens portaient sur la santé de notre cœur : des analyses de sang, un échocardiogramme et un test de résistance à l'effort. Le Sauveur nous a également donné une série d'examens spirituels grâce auxquels nous pouvons évaluer l'état spirituel de notre cœur. En voici quelques-uns :

maro mba hanombatombanana ny toe-batanay. Niompana tamin'ny fahasalaman'ny fonay ny sasany tamin'ireo fitiliana ireo, toy ny fitiliana ra sy fitarafana ny anaty fo ary fitiliana mahakasika ny raritsaina. Mino aho fa ny Mpamonjy dia nanome antsika ihany koa karazana fitiliana ara-panahy izay azontsika ampiasaina hanombanana ny toe-panahin'ny fontsika. Mamelà ahy hizara vitsivitsy amin'izany aminareo.

## Évaluer son cœur à l'aide de tests spirituels

« Car là où est ton trésor, là aussi sera ton cœur», a enseigné Jésus. Un trésor est quelque chose de précieux pour nous, une chose à laquelle nous consacrons des efforts et de l'attention. Notre manière d'occuper notre temps, l'objet de notre attention et les raisons qui nous poussent à agir en disent long sur notre cœur. Le Sauveur nous a avertis que, bien qu'il en appelle beaucoup, peu sont élus « parce que leur cœur se porte tellement vers les choses de ce monde et [qu'ils] aspire[nt] tant aux honneurs des hommes». Est-ce que je fais du Sauveur une priorité dans ma vie ? Mon œil est-il fixé uniquement sur sa gloire dans tout ce que je fais ?

## Manombatombana ny fonao amin'ireo fitsapana ara-panahy

"Fa izay hitoeran'ny harenao, dia ho any koa ny fonao,"hoy ny nampianarin'i Jesoa. Zavatra sarobidy amintsika ny harena, zavatra izay hanokanantsika ezaka sy fifantohana. Ny toerana izay safidintsika handaniana ny fotoanantsika sy hampifantohana ny saintsika ary koa ny antony manosika antsika hanao izay ataontsika dia milaza zavatra betsaka momba ny fontsika. Nampitandrina ny Mpamonjy fa raha betsaka ny nantsoiny dia vitsy no voafidy "satria ny fony dia mipetraka fatratra amin'ny zavatr'izao tontolo izao sy miandrandra ny voninahitry ny olona [izy ireo]."Moa ve aho manao ny Mpamonjy ho lohalaharana eo amin'ny fiainako? Moa ve ny masoko tsy mibanjina afa tsy ny voninahiny amin'izay rehetra ataoko?

Tout au long des Écritures, le Seigneur et ses prophètes associent l'orgueil et la désobéissance à l'endurcissement de cœur. Néphi a exhorté ses frères en disant : « Comment se fait-il que vous ne gardiez pas les commandements du Seigneur ? Comment se fait-il que vous vouliez périr à cause de l'endurcissement de votre cœur? » Le Seigneur a mis en garde les saints au Missouri en leur disant : « Mais celui qui ne fait rien tant qu'on ne le lui a pas commandé et qui reçoit un commandement le cœur indécis et le garde avec paresse, celui-là est damné. » Même si le Sauveur n'attend pas la perfection dans l'obéissance à ses commandements, il nous demande d'avoir le désir sincère de les respecter et de nous efforcer de le faire de tout notre cœur.

Ao amin'ny soratra masina manontolo ny Tompo sy ireo Mpaminaniny dia nampifandray ny avonavona sy ny tsy fankatoavana amin'ny fananana fahamafisam-po. Namporisika ireo rahalahiny i Nefia nilaza hoe: "Nahoana ianareo no tsy mitandrina ny didin'ny Tompo? Nahoana no te ho faty ianareo noho ny hamafin'ny fonareo?"Nampitandrina ireo Olomasina tao Missouri ny Tompo, "Fa izay tsy manao na inona na inona raha tsy baikoana ary mandray baiko amin'ny fo feno fisalasalana ka manatanteraka izany ao amin'ny hakamoana dia voaheloka."Raha toa ka tsy miandrandra fahatanterahana ny Mpamonjy eo amin'ny fitandremana ireo didiny, dia miangavy Izy ny mba haniriantsika hiezaka hitandrina azy ireny amin'ny fontsika manontolo.

Le Seigneur a lancé l'exhortation suivante à Oliver Cowdery : « Conserve précieusement ces paroles en ton cœur. » Nous sommes invités à sonder diligemment les Écritures et, par le pouvoir du Saint-Esprit, à obtenir la compréhension et le témoignage de la véracité de l'Évangile dans notre cœur.

Nananatra an'i Oliver Cowdery ny Tompo hoe "raketo ao am-ponao ireto teny ireto."Nasaina isika handalina ireo soratra masina amim-pahazotoana ary hikatsaka ny hahazo fahatakarana sy vavolombelona amin'ny fahamarinan'ny filazantsara ao am-pontsika amin'ny alalan'ny herin'ny Fanahy Masina.

Le prophète Abinadi a réprimandé les prêtres

Nanitsy ireo mpisoron'ny Mpanjaka Noà rat-

du méchant roi Noé pour ne pas avoir fait cela, disant : « Vous n'avez pas appliqué votre cœur pour avoir l'intelligence ; c'est pourquoi vous n'avez pas été sages. » Est-ce que je fais un effort sincère pour étudier quotidiennement les Écritures et appliquer mon cœur pour les comprendre par la prière ?

Le Sauveur a enseigné que « c'est du cœur que viennent les mauvaises pensées» et que « c'est de l'abondance du cœur que la bouche parle». La qualité de nos pensées et de nos paroles est un bon indicateur de la pureté de notre cœur. Ai-je trop de pensées négatives sur les actions ou les motivations d'autrui, ou sur moi-même ? Suis-je trop prompt à juger et à condamner autrui ? Est-ce que je cherche des excuses ou des justifications à mes erreurs ? Et qu'en est-il de mes paroles ? Est-ce qu'elles édifient et inspirent les personnes qui m'entourent ? Ou engendrent-elles souvent des querelles et du ressentiment?

Une fois mes examens médicaux terminés, mon médecin m'a dit que, dans l'ensemble, mon cœur était en bonne santé, mais qu'il fallait régler de petits problèmes dès maintenant, avant qu'ils ne s'aggravent. Il m'a ensuite prescrit des changements dans mon mode de vie. De même, lorsque vous effectuerez cette évaluation spirituelle de votre cœur et remarquerez la présence de certains symptômes négatifs, ne paniquez pas ! Le Sauveur a fourni d'excellents médicaments et traitements spirituels pour vous aider. Il a même promis de vous donner un cœur nouveau! Voici quelques actions qui peuvent augmenter la robustesse spirituelle de votre cœur.

## Améliorer la santé spirituelle de son cœur

Quand nous consacrons du temps chaque jour à nous rapprocher du Christ, notre cœur change. L'étude quotidienne des Écritures, accompagnée de prières sincères et de jeûnes réguliers, fera grandir votre amour pour le Sauveur, et fortifiera votre foi et votre désir de vous repentir et de livrer humblement votre cœur à Dieu. Réfléchissez à cet exemple donné par Néphi : « C'est pourquoi je criai au Seigneur ; et voici, il me visita et adoucit mon cœur, de sorte que je crus toutes les paroles qui avaient été dites par mon père. »

sy fanahy i Abinadia mba tsy hanao izany, niteny hoe: "Tsy nilofo tamin'ny fahalalana ny fonareo ianareo; noho izany ianareo dia tsy manam-pahendrena."Manao ny ezaka an-kitsipo ilaina ve aho handalinana ireo soratra masina isan'andro sy hampilofo ny foko mba hahatakatra azy ireny amin'ny alalan'ny vavaka?

Nampianatra ny Mpamonjy "fa avy amin'ny fo no ivoahan'ny sain-dratsy"ary "fa avy amin'ny haben'ny ao am-po no hitenenan'ny vava."Ny hatsaran'ireo eritreritsika sy ireo tenintsika no famantarana tsara ho an'ny fahadiovan'ny fontsika. Mamolavola eritreritra tsy dia tsara loatra mikasika ny fihetsiky ny hafa sy ny antony manosika azy ireo hanao zavatra ve aho, na indrindra momba ny tenako? Mailaka ve aho ny hitsara sy hanameloka ny hafa? Mikatsaka hitady fialantsiny na fanamarinan-tena amin'ireo fahadisoako ve aho? Ary manao ahoana ireo teny lazaiko? Moa ve izy ireny mampitraka na manentam-panahy ireo manodidina ahy? Na moa ve izy ireny mazàna miteraka fifandirana sy lolom-po?

Rehefa vita ireo fitiliana ara-batana nataoko dia nilaza tamiko ny mpitsaboko fa salama tsara ny foko amin'ny ankapobeny, saingy misy olana vitsivitsy izay ilàna fikarakarana amin'izao fotoana izao mba tsy hihombo izany. Noho izany dia nanoratra fanovana fomba fiainana sasantsasany izy. Tahaka izany koa, rehefa manatanteraka io fanombanana ara-panahy ho an'ny fonao io ianao ka mahatsikaritra fambara ratsy sasantsasany izay manomboka misoko miadana, dia aza mikoropaka! Nanome fanafody ara-panahy sy fitsaboana tena tsara ny Mpamonjy mba hanampiana anao. Nampanantena mihintsy aza Izy ny hanome anao fo vaovao!Ireto misy asa atao sasantsasany izay afaka manatsara ny hery ara-panahin'ny fonao:

## Manatsara ny fahasalamana ara-panahin'ny fonao

Miova ny fontsika rehefa manokana fotoana isan'andro isika hanatonana an'i Kristy. Ny fandalinana soratra masina isan'andro miaraka amin'ny vavaka amin-kitsim-po sy fifadian-kanina tsy tapaka dia hampitombo ny fitiavanao ny Mpamonjy ary hanamafy ny finoanao sy ny fanirianao hibebaka ary hampanoa amim-panetrentena ny fonao amin' Andriamanitra.Eritrereto ity ohatra avy amin'i Nefia ity: "Noho izany aho dia nitalaho tamin'ny Tompo; ary indro Izy tonga namangy ahy sy nampahalefaka ny foko hany ka nino ny teny rehetra izay efa nolazain-

Si nous continuons de nourrir la semence de la foi par nos désirs et nos actions justes, nous connaîtrons la même sanctification de cœur que celle des Néphites : « Ils jeûnaient et priaient souvent, et devenaient de plus en plus forts dans leur humilité, et de plus en plus fermes dans la foi au Christ, au point que cela leur remplissait l'âme de joie et de consolation, oui, au point que cela leur purifiait et leur sanctifiait le cœur, sanctification qui venait de ce qu'ils avaient livré leur cœur à Dieu. »

Il a enseigné : « Si vous m'aimez, gardez mes commandements. » Il nous invite à montrer notre amour en contractant et en respectant des alliances avec lui. Si nous nous efforçons quotidiennement de respecter ses commandements, de nous repentir sincèrement de nos péchés, et de persévérer à prendre son nom sur nous et à conformer notre volonté à la sienne, nous aurons la bénédiction d'avoir la compagnie constante du Saint-Esprit.

Néphi a témoigné : « Je sais que si vous suivez le Fils d'un cœur pleinement résolu, ne commettant ni hypocrisie ni tromperie devant Dieu, mais avec une intention réelle, vous repentant de vos péchés, témoignant au Père que vous êtes disposés à prendre sur vous le nom du Christ par le baptême […], alors vous recevrez le Saint-Esprit. » Le Saint-Esprit vous guidera, et vous aidera à connaître la volonté du Seigneur et à faire de bons choix.

Le Sauveur invite tout le monde à « le servir de tout [son] cœur». Lorsque nous choisissons de faire, d'un cœur sincère et avec une intention réelle, tout ce que le Seigneur nous a demandé de faire, comme respecter les commandements, prendre la Sainte-Cène, aller au temple et servir autrui, chaque acte de service et d'adoration devient une expérience spirituelle puissante qui fortifie notre foi et notre témoignage, et remplit notre cœur de joie et d'amour pour Dieu et notre prochain.

La question du prophète Alma résonne toujours aujourd'hui : « Êtes-vous nés spirituel-

draiko aho."

Rehefa manohy mamahana ny voan'ny finoana isika amin'ny alalan'ny faniriana marina sy ny asantsika dia hiaina fanamasinan'ny fontsika tahaka ireo Nefita: "Nifady hanina sy nivavaka matetika izy, ary nihanahery kokoa hatrany hatrany tao amin'ny fietreny sy nihamafy kokoa hatrany hatrany tao amin'ny finoana an'i Kristy, hany ka heniky ny fifaliana sy ny fiononana ny fanahiny, eny, na dia hatramin'ny fanadiovana sy ny fanamasinana ny fony aza, izay fanamasinana tonga noho ny nanolorany ny fony ho an' Andriamanitra."

Nampianatra ny Mpamonjy hoe: "Raha tia Ahy ianareo dia hitandrina ny didiko."Manasa antsika Izy mba hampiseho ny fitiavantsika amin'ny fanaovana sy fitandremana ireo fanekempihavanana Aminy. Rehefa miezaka mitandrina isan'andro ireo didiny isika, sy mibebaka amin'ny fahotantsika amin-kitsim-po ary maharitra amin'ny fitondrana ny Anarany eo amintsika sy mampifanaraka ny sitrapontsika amin'ny sitrapony dia afaka ho voatahy amin'ny fananana Fanahy Masina hiaraka amintsika lalandava.

Nijoro ho vavolombelona i Nefia hoe: "Fantatro fa raha manara-dia ny Zanaka ianareo, amin'ny finiavan'ny fonareo manontolo, tsy manao amin'ny fihatsarambelatsihy sady tsy misy fitaka eo anoloan' Andriamanitra fa omban'ny fikasana marina, mibebaka amin'ny fahotanareo, mijoro ho vavolombelona amin'ny Ray fa vonona hitondra ny anaran'i Kristy amin'ny batisa … , dia indro fa ho raisinareo ny Fanahy Masina amin'izany."Hitarika anao ny Fanahy Masina ary hanampy anao hahafantatra ny sitrapon'ny Tompo sy hanao safidy tsara.

Manasa antsika rehetra ny Mpamonjy "hanompo azy amin'ny fonareo rehetra."Rehefa manao ny zavatra tsirairay hangatahin'ny Tompo ataontiska isika, toy ny fitandremana ny didiny, ny fandraisana ny fanasan'ny Tompo, ny fitsaohana any amin'ny tempoly ary ny fanompoana ny hafa, amin-kitsim-po sy finiavana marina dia lasa traikefa ara-panahy mahery vaika ny asa fanompoana sy fitsaohana tsirairay ka manamafy orina ny finoana sy ny fijoroana ho vavolombelontsika, sy mameno ny fontsika amin'ny fifaliana sy ny fitiavana ho an' Andriamanitra sy ny mpiara-belona.

Mbola manakoako hatramin'ny androany ny fanontanian'ny Mpaminany Almà hoe: "Efa nat-

lement de Dieu ? Votre visage est-il empreint de son image ? Avez-vous éprouvé ce grand changement dans votre cœur? »

Frères et sœurs, je vous invite à donner tout votre cœur au Sauveur aujourd'hui. Que chaque acte d'adoration et de service soit sincère et délibéré. Mettez de côté les distractions du monde et consacrez du temps de qualité au Seigneur chaque jour de votre vie. Repentez-vous et revenez à lui de tout votre cœur, et il vous pardonnera et vous entourera dans les bras de son amour. Ne recherchez pas les choses de ce monde, mais choisissez d'avoir l'œil fixé uniquement sur sa gloire et de rechercher les choses d'un monde meilleur. Il connaît vos pensées et les désirs de votre cœur et, à mesure que vous viendrez à lui, il vous bénira avec la force, la confiance, la paix et la joie dans cette vie, et avec une place dans son royaume céleste pour toute l'éternité.

Je sais que Jésus-Christ vit. Il est notre Rédempteur. Et il nous aime, vous et moi, de tout son cœur. Au nom de Jésus-Christ. Amen.

erak' Andriamanitra araka ny fanahy ve ianareo? Moa va ny endriny efa nisoritra teo amin'ny tarehinareo? Efa nahatsapa izany fiovana mahery vaika izany tao am-ponareo va ianareo?"

Ry rahalahy sy ranabavy, manasa anareo aho hanome ny fonareo manontolo ho an'ny Mpamonjy anio. Aoka ho amin-kitsim-po sy finiavana marina ny asa fitsaohana sy fanompoana tsirairay. Ajanony ireo fialambolin'izao tontolo izao ary miezaha manana fotoana manan-danja ho an'ny Tompo isan'andro eo amin'ny fiainanao. Mibebaha ary miverena Aminy amin'ny fonao manontolo, ary hamela ny helokao Izy sy hisakambina anao amin'ny sandrim-pitiavany.Aza mikatsaka ny zavatr'izao tontolo izao fa safidio ny hanana maso tsy mibanjina afa tsy ny voninahiny ary katsaho ireo zavatra tsara kokoa.Fantany ny eritreritrao sy ny fanirian'ny fonao, koa raha manatona Azy ianao dia hanome hery anao Izy sy fahatokian-tena, fiadanana sy fifaliana eto amin'ity fiainana ity sy toerana iray any amin'ny fanjakana selestialy mandrakizay mandrakizay.

Fantatro fa velona i Jesoa Kristy. Izy no Mpanavotra antsika. Ary tiany amin'ny fony manontolo ianao sy izaho. Amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena.